REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA MANOKANA

*Alarobia 25 jona 2025 – Lapam-panjakana Ambohitsorohitra*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Ambohitsorohitra androany Alarobia 25 jona 2025 ny Filankevitry ny Minisitra manokana, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ary natrehin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra sasantsasany.

## FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny volavolan-drijan-tenin-dalàna mifehy ny fitazomana ny fahamarinan-toerana ara-bola sy mametraka ireo manam-pahefana hanara-maso sy handrindra ny rafitra ara-bola (autorités macroprudentielles).

Fanavaozana maromaro no natao momba ny rafitra ara-dalàna mifehy ny sehatry ny fitantanam-bola eto Madagasikara, anisan'izany ny fanavaozana ny lalàna momba ny fiantohana, ny banky sy ny "microfinance". Ity volavolan-drijan-tenin-dalàna ity dia novolavolaina mba hamahana ny tsy fisian'ny rafitra manam-pahefana hanara-maso sy handrindra ny rafitra ara-bola (surveillances macroprudentielles) izay andraisan'ny fanjakana anjara sy ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM).

Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome fankatoavana ny fifanarahana fampindramam-bola momba ny "Opérations d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente" (MERG2), natao teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny "Association Internationale de Développement"(IDA) famatsiam-bola ny Tetibola Support

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

Nolanian'ny Filankevitry ny Minisitra ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome fankatoavana ny fifanarahana fampindramam-bola ho famatsiam-bolan'ny tetikasa fanovana sy fisitrahana fanabeazana eto Madagasikara natao teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Association Internationale de Développement (IDA)

***Natao ny 25 jona 2025***

***Ny Fitaleavan'ny Serasera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***